Ny Pasitora Ramino Paul



ANTSO AVO AVY AMIN'NY RAIAMANDRENY MIJORO

« Ny isavorovoroan-kilantoana »

Manoloana ny savorovoro politika ankehitriny, izay lasa savorovoro eo amin'ny fiainam-pirenena iray manontolo mihitsy dia tsy tafandriy mandry izahay RAIAMANDRENY MIJORO ka manao izao ANTSO AVO izao ho an'izay rehetra manaiin-paharay.

Tsapanay mantsy fa raisa izao savorovoro izao no mibola hahantre , na ireane hotonizana dia ho loza ho an'ny firenena. Izany no nanomezanay lohahevitra ity Antso avo ity hoe : **« Ny isavorovoroan-kilantoana ».**

Ampy izay ny savorovoro; izay hilantoana amin'izay no tsy mendry himaseana tsy misy hatakandro..

Tsy mahavaha olana ny mifanilika andraikitra sy mifanome tsiny . Tsy hahevonty antsika ny fifampiandaniana lavareny sy ny fifandranitana an-gazety Noho ny tarinkasaina lumbaraina, aoka ny lasa homba ny lasa.Atambaro ny hery hirosoana amin'ny fifidirana, izay vaha olana farany ho antsika

1.HO ANAREO MPITONDRA FANJAKANA SY TOMPONANDRAIKITRA ARA-PANJAKANA ISAN'AMBARATONGANY AVY

Ianareo no tomponandraikitra voalohany amin'izao Tetezamita izao, manomboka amin'ny Filohan'ny Tetezamita, ny Governementa, ny CT sy ny CST. ka tokony amin'ny Fokonolona rehetra any. Ianareo no nanaiky ny loeranareo ankehitriny.

Aza miandany amin'ny vondrona niavianareo fa miandania amin'ny vahoaka malagasy mitambatra. Ny mamoaka an'i Madagasikara tsy misy hatakandro amin'ny lozy no andrasana aminareo. Nara-ndaritana ianareo kanefa savorovoro no hita. Mba ho filentoana ny sisa mariaraka rehetra Efa be loatra ny fiparangana anareo ho mpengonon-karena ay miady an-trano ary mantatra ny Tetezamita.

Poroloy fa manao izay hahalalita ny Nosy malalantsika ianareo. Any ny hitsaran'ny vahoaka anareo dia tokana ihany : Aoka hisy fifidianana, vita amin'ity taona 2013 ity.

2.HO ANAREO MPANAO POLITIKA REHETRA TSY AN-KANAVAKA,INDRINDRA IREO NANDEFA SOLONTENA AO AMIN'NY FITONDRAMA ANKEHITRINY SY IANAREO NILATSAKA HO FILOHAM-PIRENENA SY SOLOMBAVAM-BAHOAKA.

Ao anatin'izao Teteza-mita izao dia asehoy fa mendrika ny loeranx tsrlavinareo ianareo. Tariho amin'ny fihavanana ny vahoaka fa aza ampidirina amin'ny adilahy politika lay hifankahitana. Izao no tadidio, lay ny fanaraisianareo ny mpifaninana politika aminareo nkory no hahatonga ny vahoaka hankamamy anareo.

Ady politika no nahalatsaka lalina antsika toy izao. Misy tsy mirary mandresy misy koa ny tsy manaiky resy. Misy ny mahay mampikatso ny naharaham-pirenena, ka ny vahoaka no milanja ny maty indrindra. Arisan'ny mahavery ny fiandrianam-pirenentsika ny tsy-isaina manaiky ho zarazaraln'ny firenen-dehibe. Ny tsy fahaizana mifanakalo levitra filara-maiady ny

vahoalana no nahatonga ny fiaraha-monina lalsam-pirenena ho tefidra lalina amin'ny fainam-pirenentsika ; dia lasa ny hafa indray no mibeiko ny safidifidika.

Enga anie izay tsara indrindra amlanao no ho lany mba hiadanan'ny Malagasy tsy velovelo, indrindra ireo any amin'ny fantra nohadinoina tamin'ny fampandrosoana azy.

Aza atao fampitahorana ny hoe : *« Hisantaka isika aorian'ny fifidianana »* Andeha hiersherisaoraka ny savorovoro mba ho ny safidim-baholaka tokoa no hanokany amin'ny fifidianana hataontsika ka hilamina ny fiaraha-monintsika.

3. HO ANTSIKA HERIVELONA REHETRA ETO AMIN'NY FIRENENA.

Ny ppandraharaha ara-toekarena, ny serdika, ny fikambanana mahaleotena, ny fiaisamonim-pirenena, ny mpanao gazety, ny antokom-pihavanana tsar-tokony, ny vondron'olom-pirenena samihafa, dia hery lehibe eto amin'ny firenena.

Manana andraikitra lehibe isika amin'ny fanekena ny isavorovoroan-kilantoana. Koa aoka hakombona ny fery fa tsy hitanina.Ny fiandanian'ny Herivelona amin'ny Antoka politika dia mahavery hasina azy satria ny lena toerany dia ny manome fahaveloman-tena sy hery ny vahoaka sy ny fitadiavana izay mahasoa azy. Koa raha misavorovoro ny tsy-dia-tsara fiaim-pirenena ny Herivelona no mampilanto azy.

Tsy fotoanan'ny fampisehoan-kery na fitadiavana hilondra ao amin'ny Tetezamita intsony izao fa fotoana hamaranana azy haingana mba hanamaivanana kukoa ny fallanilan'ny vahoaka sy ny firenena.

Azon'ny Herivelona eto amin'ny firenena atao ny mitany amin'izay ho voafidim-behoaka tsy ho ela , hihaino ny fiion'ny vahoaka, ka izay hetahetam-behoaka no ho vain-dtlany amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara malalantsika.

4. HO ANNY VAHOAKA MALAGASY TSY VAKY VOLO MANERANA NY NOSY.

Isika no miara-monina sy hiara-monina eto amin'ity Nosy mamintsika ity. Noho izany, ny tetika ho fampizarazarana antsika amin'ny fomba samihafa dia tokonlaika amin'ny herintsika rehetra. Ny fisavorovoroana mahaitra dia manamaizina ny ho avin'ny taranatsika Ny fifidianana ihany no hanohcantsika ny maha-tompon-tsafidy faralampony antsika, ka aoka tsy hanaiky harobeloby amin-javatra hala intsony ny samlantsika

Amin'ny fotoana hiatrehanao ny fifidianana, mifidiana an-kalahanana. Ho avy ny fampielezan-kevitra, mahaiza mijery, mahaiza mihaino ary mifidiana araka ny fahareren dahatrao.

Fidio ny olon'ny filaminana.Tsy ny savorovoro no manana ny tery farany fa ny filaminana. Tsy ny adilahy fa ny fihavanana, koa aza miala amin'izany fahendrin'ny razantsika izany.

Antananarivo 09 Aogostra 2013

Ny Filoha anaran'ny RAIAMANDRENY MIJORO

Ny Filoha

Pasitora Ramino Paul